137 *Omeo Fahasahiana Izahay*

(Asan'ny Apostoly 4:29)

1. Na dia miezaka aza izahay
   Amin'ny asa fitoriana,
   Maro be no maneso anay,
   Manakivy, manakiana.
   Nefa ianao no ekenay,
   Tsy hatahotra olona izahay.
   Hatanjaho re 'zahay, Jehovah,
   Ny fanahinao no ilainay.

(*AVERINA ISAN'ANDININY*)

Omeo fahasahiana izahay,
Omeo herim-po hatrany.
Omeo toky mba tsy hanahy,
Fa hitory eran-tany.
Efa kely 'zao ny fotoana,
Efa akaiky Hara-magedona.
Omeo fahasahiana izahay,
Hitory foana.

2. Na matahotra aza izahay,
   Dia miantehitra aminao.
   N'inon'inona hanjo anay,
   Fantatray fa eo ianao.
   Ry Jehovah, mba jereo
   Satria mandrahona izy 'reo.
   Koa ampio 'zahay tsy ho kivy,
   N'inon'inona mbola hiseho.

(*Averina isan'andininy*)

(Jereo koa ny 1 Tes. 2:2; Heb. 10:35.)

© 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania